

## NY RAHARAHA 1947, ARAKA NY AHITANA AZY AO AMIN'NY LITERATIORA MALAGASY

nosoratan'i

ANDRIAMANANTSILAVO Seth

Voalazan'ny mpandinika fa sady "taratry ny zava-misy ny literatiora no mamolavola ny zava-misy ihany koa". Marina izany raha ny raharahan'ny 1947 teto Madagasikara no jerena. Tao tokoa ireo asa soratra maro toy ny tononkalo, ny sombin-tantara, ny lahatsoratra famotopotoran-kevitra izay azo lazaina ho nanosika ny fipoahany ary teo ireo mpanoratra mitsangana ho vavolombelon'ny tantara, ka mameleona ho an'ny taranaka aty aoriania izay rehetra hitany, fantany, reny, momba iny raharaha iny. Hasiana teny fohifohy aloha ny momba ireo asa soratra tarika voalohany, vao hifotorana ireto andiany faharoa. Marihina fa amin'ireto farany ireto aza, dia tantara foronina roa ihany nonofantenanay tao anatin'ny maro. Ny antony dia satria heverinay fa mafonja tokoa, ny hevitra raketin'izy ireo. Ary manaraka izany ny namana N.R. dia efa hanao famelabelarana miainga amina asa soratra mitsangana.

### I. NY LITERATIORA, HERY MANOSIKA NY FIPONAHAN'NY RAHARAHA 1947

Lohahevitra maro samihafa no momba iny asa soratra, kanefa dia azo aravona amin'ireto lohahevitra lehibe anankiroa ireto izany :

- famotsipotsirana ny fanjanahan-tany
- antso ho amin'ny fitiava-tanindrazana.

#### 1.1. Famotsipotsirana ny fanjanahan-tany

Tarehin-javatra vitsivitsy no nabaribarin'ny mpanoratra :

... mpanjanatany mihinana ny tsy nisasarany. Ohatra, *Kalon'ny mpiandry fody*, an-dRafanoharana.

. mpanjanatany manao tsindry hazo lena. Asehon'i Joséphine Ranirina ao amin'ny *Ombin-tsarety sy ny olona*.

## 1.2. Antso ho amin'ny fitiavan-tanindrazana

Endrika vitsivitsy no nisaloran'ny antso :

. Antso hitodikà amin'i Madagasikara sy hiverina handala ny maha-Malagasy :

- teo ny fiforongan'ny "Amicale des Journalistes et Ecrivains Malgaches" (AJEM) tamin'ny 1930, notarihin'i Pierre Rapiera, izay nirona betsaka tamin'ny *Mitady ny very ary nanana Ny Gazetintsika* ho fitaovana amin'izany.

- teo ny fivoahan'ny *Tsipy Hevitra ho an'izay te-hanoratra* notarihin'i Charles Rajoelisolo, (jereo *Sakaizan'ny Tanora*, 1930), izay rehefa dinihina akaiky, dia tsy natao ho an'ny mpanoratra ireny ihany, fa ho an'ny Malagasy rehetra koa, mba hanehoany ny maha-izy azy, ary hitiavany ny taniny. Fanairana ho amin'izany ohatra ny *Nofy sa... ?* an'i Météorson.

. Antso mba hahatonga ny mpamaky hifikitra amin'ny fomba amampahendren'ny razana. Santionany amin'izany ny *Dona-tsetroka* an'i Fredy Rajaofera.

. Antso ho an'ny tanora mba hahatonga azy ho sahy hiatrika ady amin'ny mpampijaly vahoaka. Izany ohatra no nataon'i Samuel Randria ao amin'ilay tantara kely somary angano nampitondrainy ny lohateny hoe *Ibointsy*. Notaomin'i Boointsy ireo ankizilahy tao an-tanàna mba hamono an'Ikakabenify. Noho ny tetikady voalamina tsara sy noho ny fahavononana ary ny fahasahian'ny tsirairay, dia maty tokoa ity mpihinana olona.

## II. NY LITERATIORA VAVOLOMBELON'NY RAHARAHA 1947

Araka ny nolazaina tery am-boalohany, dia tantara foronina roa ho hifotorana :

- . *Mitaraina ny tany*, an'i Andry Andraina
- . *Fofombadiko*, an'i E.D. Andriamalala

Iry voalohany dia mijery iny raharaha iny amin'ny lafiny ara-tantara sy ara-piaraha-monina. Ary ity faharoa kosa dia manazava azy amin'ny lafiny filôzôfika.

## **2.1. Ny raharaha 1947, jerena eo amin'ny lafiny ara-tantara sy ara-piaraha-monina**

Hojerena ao amin'ity fizarana ity :

- . Ny faritra voakasika
- . Ny antony nampipoaka ny ady
- . Ireo hery nifanandrina sy ny fihetsiny avy.

### **II.1.1. Ny faritra voakasika**

Faritra maro teto madagasikara no nandray anjara tamin'ny raharaha iny, kanefa dia niavaka ny faritra atsinanana. Hoy ny mpanoratra : "Vao re ny vaovaon'i Moramanga, betsaka ny toerana teto Madagasikara no nihetsika. Fa ny fantatra ho niara-nangotraka sahala amin'ny vatana iray, dia ny ala atsinanana sy ny faritany manamorona azy. Tany Andapa no lohan'izany, ary Midongy atsimo no tongony" (p. 205).

Toa tany an'ala aza no nivoahan'ny baiko hampandray fiadiana ny Malagasy rehetra. Ary misy iraka mandehandeha mitety tanàna any an'ala any amin'izany. Koa na dia ny olona tany an-tanàna aza, ary anisan'izany ireo olom-boafidy lany vao haingana dia lasa namonjy ireo toby tany an'ala ihany koa.

### **II.1.2. Ny antony nampipoaka ny ady**

Antony maro samihafa no voalazan'ny mpanoratra fa nampipoaka iny tabataba iny, kanefa azo aravona amin'ireto antony lehibe anankiroa ireto :

- . tsy fahazakan'ny Malagasy intsony ny tsindry hazo lena natao taminy
- . ny fahitana ny faharesen'i Frantsa teo amin'ny fiandohan'ny Ady Lehibe faharoa

#### **II.1.2.1. Tsy fahazakana ny tsindry hazo lena**

Ny ankamaroan'ny olona amin'ireo toerana voalaza tetsy ambony ireo tokoa mantsy, hoy i Andry Andraina no anisan'ny nijaly indrindra tamin'ny fitondran-janatany :

. tao ny fakan'ny Vazaha an-kafetsena ny tanin'olona, ka "tezitra tamin'ireny fisandohan-tany ireny ny olona, tsy tamin'ilay Vazaha niasany maina ihany, fa tezitra tamin'ny vazaha rehetra" (p. 154).

. tao ny tsy fisian-tsakafo "nisy nilaza taty aorianana, fa ny tabataba niseho [...] dia ny yokatr'iny tsy fisiam-bary iny sy ny forongo niaraka aminy" (p. 130).

tao ny fampijaliana isan-karazany natao tamin'ny mpiasa. "Nitohy ny fampijaliana ny mpiasa. Tsy nisy nitahiry an-taratasy izany rehetra izany, fa voatahiry kosa ao am-po sy ao an-tsain'ireo nanatrika, indrindra moa fa ireo niharany" (p. 181). "Tsapan'i Feno, fa hay mitovy hevitra ny ankamaroan'ny olona momba ny vazaha. Saingy samy mitahiry ny heviny any am-pony any" (p. 134).

#### II.1.2.2. Ny faharesen'ny Frantsay tao am-piandohan'ny Ady Lehibe faharoa

Hatramin'ny nahazoany an'i Madagasikara dia niezaka ny Frantsay hampiaiky ny Malagasy fa matanjaka ry zareo, ary manana hery tsy hay toherina izy. Tao amin'ny tafika aza, hoy i Andry Andraina, dia "nirehareha fatratra ny vazaha. Karazan'olona ambony mihitsy no fiheverany ny tenany, ary anisan'izany fahamboniany izany ny herin'ny fireneny izay nohasohasoiny isaky ny misy hidiran'ny resaka mankany. Porofon'ny heriny rahateo ny maha-eto Madagasikara an-dry zareo" (p. 147).

Nirodana aneta izany sary nomeny ny tenany sy ny fireneny izany, satria "resy tany Europa, resy taty Madagasikara ny hery frantsay. Vita teo ny eboebo momba ny tsi-fahareseny an'ady" (p. 148).

Ary noho ny tahotri'ireo miaramila frantsay ny miaramila Zoloa aza, "tamin'ny fifandonana teny rehetra teny, dia hita izany manambonahitra lefitra frantsay sara-namana izany, [...] izany sambo-belona tafiditra anaty vondrona miaramila gasy, tsy sahy nisoka-bava, fa sao hampangain'ny fiteniny" (p. 146).

Tonga saina ny malagasy teo anatrehan'izany rehetra izany, sady velompanantanenana. Hoy izy : "mety hihodina ny tantara, fa raha lavo ny ombalahy, anjaran'ireo rehetra nandihizany indray kosa ny mba mitraka" (p. 148).

Tsy ny vahoaka tsotra ihany no nanana izany eritreritra izany, fa indrindra ireo miaramila voatery niatrika ady izay tsy azy akory. "Nisoko mangina tao amin'ny sokajy ambany tao amin'ny tafika izany. Tsy nisy fampielezan-kevitra, tsy nisy resaka an-karihary, fa fahatsiarovan-tena miloatra avy amin'ny lalina ao amin'ny tena, fifohazan-kevitra iray fatorana amin'ny fananana aina sy ny maha-olombelona" (p. 148).

#### II.1.3. Ireo hery nifanandrina sy ny fihetsiny avy

Tsy mahagaga araka izany raha hipoaka ny ady, ka : andaniny, ny Malagasy leon'ny fijaliana, ary manantena ho afa-patorana amin'izay ; ankilany, ny Vazaha mpanjanatany sy ireo mpiara-dia aminy.

### II.1.3.1. Ny Malagasy

Araka ny efa voalaza tetsy aloha dia ny ala atsinanana sy ny faritany manamorona azy no tena nihetsika. Olon-tsotra avokoa ny ankamaroan'ireo nandao ny tanànany ka namonjy ny toby.

"Ny fahitan'i Feno sy Donga azy rehetra teo, dia tahaka ny tamin'ny toby efa hitany rehetra : olon-tsotra, mahantra, tambanivohitra fiseho sy fihetsika, miendrik'oloña tapa-kevitra hanolotra ny ainy tokoa anefa" (p. 232).

Nanana mpitarika anefa izy ireny : "Ny nitarika ny olona dia miaramila tranainy, mpimasy, tangalamena, ray aman-drenin-tanàna, filoham-poko, izay ny toetra niraisany dia ny fitiavany ny tanindrazany sy ny tiraisany fo tamin'ny vahoaka" (p. 206).

Betsaka ny tanàna no nilaozan'ny vatan-dehilahy na ny mponina rehetra mihitsy aza. "Ary amin'ny vohitra maro, dia nahazo vhavana ny mpisikidy sy ny mpimasy. Betsaka ny mpiasam-bazaha any anaty ala no nandao ny asany, ary tsy niverina intsony. Mitombo hatraiza ny fanaovana joro na fivavahana amin'ny razana" (p. 157).

. Ny hiadiana dia tsy ny Frantsay akory, fa ny mpanjanatany sy ny rafitra najorony. Hoy Ramasy, lehiben'ny toby iray tamin'i Donga : "Ny fanjanahantany no tena fahavallo be hiadiana. Hiadiana koa anefa ny rafitra natsangany sy ireo olona rehetra nanampy azy, ka nampahory vahoaka" (p. 201).

. Raha teo amin'ny fomba fiady indray, noho ny fahatsapan-dry zareo, fa tsy ampy ny fitaovam-piadiana teo am-pelatanany, dia niezaka ny tsy hifanatrika mivantana amin'ny fahavallo izy. Sady tsy ady hisian'ny mpandresy sy resy eo antany fiadiana rahateo koa moa no notadiaviny. Hoy i Andry Andraina : "Ny tena notadiavin'ny tia tanindrazana, dia tsy ady nifanatrehana nisian'ny mpandresy sy resy amin'izay mifanandrina loatra tsy akory. Ny nataon'ny menalamba ihany no nataony teto. Mamely anjolofo izy dia mitsoaka. Ny nokendreny dia ny hisian'ny tabataba, ny haharetan'izany araka izay azo atao, ny hanaitra ny saim-bahoaka eto an-toerana sy any ivelany" (p. 206).

### II.1.3.2. Ny mpanjanatany sy ny mpiara-dia aminy

Ankoatra ny mpitondra fanjakana, dia nisy ireo nampahory ny vahoaka, hoy ry Ramasy. Anisan'ireny ny Milisy sy ny senegaly, ny Voanjo, ireo manam-pahefana isan-tokony na Vazaha na Malagasy toy ny Talen-tsekoly, ny lehiben'ny kantao sy ny goverinora, eny fa na dia olon-tsotra koa aza. Samy manao izay ho afany izy ireo, na teo amin'ny fampijaliana ara-batana nitarika ratra sy kilema na fahafatesana, na teo amin'ny fanapempoana ny saina.

Ny fanjakana moa dia nivonona ny hikapoka mafy mihitsy. "Nofoanana ny MDRM. Nosamborina ireo solombavambahoaka malagasy, na ny tetra antoerana na ny mbola tany Frantsa. Tsy ny MDRM ihany no nosamborina, fa ireo fantatra ho Maherihery loha rehetra koa. Notazonina ireny, ary noterena hiaiky ho MDRM". Tsy misy antony koa na MDRM ireny na tsia. Fa izay azo samborina no samborina, dia ireo mpikambana amin'ny antoko samihafa rehetra taty antanana. Rehefa maloto lamba koa, ka mainty hoditra, dia ampy izay hisamborana sy/na hitifirana azy. Fomba feno habibiana tokoa no nataon'ny fanjakana. Santionany ireto :

- . "ny toerana sarotra nampanekena toa an'Andapa sy ny faritanin'i Nosy varika, dia nitondrana fiaramanidina, ary nozerana baomba" (p. 239).
- . tany amin'ny faritanin'i Fianarantsoa, tia tanindrazana enim-dahy no nentina tamin'ny fiaramanidina, ary nazera teo ambonin'ny tany niaviany" (p. 240).
- . taty aorianana, satria hono, mandany bala be loatra ny fitifirana, dia natao anaty gony indray izay hovonoina ary natsipy tao amin'ny reniranon'i Sahabe (p. 243).
- . tao amin'ny kalesin-dalambin'i Moramanga, olona 180 nahitana dokotera, profesora, *fonctionnaire, raiamandrenin-tanana*, raha tsorina, dia ireo olomanga, no novonoina.

Ireo mpiasam-panjakana isan-tokony avy indray, ankoatra ny fanararaotana isan-karazany dia nahapepo ny sain'ny olona. Anisan'ny manaitra ny tenin'ilay Talen'ny Sekolim-paritany nisy an'i Faly. Hoy izy tamin'ny mpianatra : "Hitanareo izao ny zavatra miseho raha mianatra ny mafy loha aminay Frantsay ianareo Malagasy. Tsy azonareo kanikaniana izahay. Zinona ianareo Malagasy no mba hitady fahaleovantena ? Inona no hainareo, inona no vitanareo ? Ianareo angaha firenena ! Ny mba tantaran'ny tanindrazanareo tsy ampy ravina roa na telo amin'ny boky fianarana tantaram-pirenena fampiasa amin'ny kilasy ambany. Sao heverinareo fa ny matoan-kevitra ny Repoblika Frantsay : Fahafahana-Fitoviana-Firahalahiana, dia natao ho anareo koa. Ilo an'ny Frantsay samy Frantsay izany. Tsy famoaka any ivelany izany. Ny anjaranareo dia ny manaiky, manakato, manatanteraka [...]. Mbola ampahafirin'ny ho hitanareo izao miseho izao raha mitohy ihany ny hadaladalanareo ?" (p. 225).

- . Ankilany, "hampiaiky ireo mpikambana tao amin'ny MDRM voasambotra, fa io antoko io no nitarika ny fiokoana" (p. 219).
- . Andaniny : "hampijaly sy hampangirifiry ara-batana sy ara-tsaina [ny Malagasy rehetra] mba ho faty tanteraka ao am-pony, na ankehitriny na rahatrizay, izany faniriana momba ny fahaleovantena izany" (p. 219).

## 2.2. Ny raharaha 1947, tarafina amin'ny lafiny filôzôfika

Hitovy amin'ny tetsy aloha ihany ny drafitra harahina. Tahaka izao izany :

- . Ny faritra voakasika
- . Ny antony nampipoaka ny ady
- . Ireo hery nifanandrina

### II.2.1. Ny faritra voakasika

Faritra maro teto Madagasikara ihany koa no voalaza fa voakasik'ity raharaha ity. Hoy i Lefandro tamin'i Lala : "Fitondrana amin'ny tany miady no manaka hatraiza hatraiza, afa-tsy amin'ny tanàn-dehibe vitsivitsy" (p. 80).. Tsy dia voatondro aloha ireo tanàn-dehibe vitsivitsy ireo. Fa ny fantatra sy tsy isalasalana, dia ny fihetsehan'ny faritra atsinanana rehetra. Mampibaribary izany ny tenin'i Marolahy tamin-dry Lala hoe : "Fantatro fa efa voalamina tsara izao ny tafika malagasy, ary efa mifandray amin-dry zalahy hatrany Vatomandry sy Moramanga isika. Efa eo ambany fahefantsika ny ala atsinanana manontolo". (p. 144).. Ny hoe ala atsinanana manontolo dia mahafaoka faritany maromaro : Antsiranana, Toamasina, Antananarivo, Fianarantsoa.

### II.2.2. Ny antony nampipoaka ny ady sy ireo hery nifanandrina

Tsy dia mitovy amin'izay hitantsika tao amin'ny *Mitaraina ny tany* ny voalaza ato amin'ny *Fofombadiko*. Marihina aloha, fa i Lala no mpitonundra tenin'ny mpanoratra, ka ny hevitri'i Lala izany no hodinihina akaiky.

Tsy dia milaza amin'ny fomba hentitra izay nanapoaka ny ady izy. Aminy kosa anefa, dia tsy avy amin'ny Malagasy mihitsy izao. Satria raha nanan-kevitra ny hikomy ny Malagasy, hoy izy, dia tsy ho izao, fa efa tamin'ny fotoana niverenan'ireo miaramila avy niatrika ny Ady Lehibe faharoa. Hoy izy : "Tany Toamasina indrindra aho tamin'ny nahatongavan'ny sambo *Ile de France* nitondrana ireo miaramila malagasy avy niady tany Frantsa... Vatan-dehilahy iray alina mahery, voatafy ara-dalàna sy mbola nafanafanan'ny fandresena vao azo !... Na dia tsy nanam-piadiana aza izy ireo, raha nisy faniriana hikomy, dia izay no fotoana fanararaotra tsy hiverina intsony mandrakizay, fa tsy ho nisy heviny teo anoloan'ny lehilahy iray alina tapa-kevitra sy tsy mataho-maty izay Senegaly telonjato nampanarahina azy, na dia hirongo basimarovava... isambatan'olona aza ireo Senegaly telonjato ireo !... Tsy tokony ho niandry ireo vatan-dehilahy iray alina ireo ho efa neparitaka eran'ny lafy valon'i Madagasikara sy ho efa nolemen'ny fianakaviany vao nanao izay hatao !" (p. 85).

Ary dia faranany tahaka izao ny teniny : "Tsy mpanao pôlitika aho [...], kanefa kosa inoako fa tsy adala tsy akory ireo mpitarika ny firenena malagasy amin'izao fotoana izao ka tsy hahatakatra izany, ary izany no nampisalasala ahy ny hanaiky fa avy amin'ny Malagasy no nitrangan'izao !...".

Koa rehefa tsy ny Malagasy izany no tompon'andraikitra, dia ny Frantsay ? Toa mirona kely amin'izany ihany ny hevitri'i Lala amin'ny teniny hoe : "Fantatry ny andaniny fa tsy manana afa-tsya lefona sy kibay isika, ka ny tetik'adiny dia ny hanova moramora ny fifamaliana am-bava ho fifamaliana ambasy !". Ny tondroinny amin'ny hoe andaniny anefa eto, dia tsy ny vahoaka frantsay akory, fa ny mpitondra fanjakana kôlônialy frantsay. Raha ny vahoaka frantsay mantsy, hoy izy, dia tsy hisakana ny hahazoantsika fahaleovantena velively. Hoy ihany i Lala : "Toy ny olona irery no fivondronan'ny Malagasy tsy vaky volo tao an-damosin'ny solontenany nangataka ny hiverenan'ny fiandrianam-pirenena".

Tsy nanohitra izany ny vahoaka frantsay, vao avy nohitsahin'ny mahery noho izy, ka nahalala tsara ny fangirifirian'ny resy, saingy tsy nanaiky tsy nanda kosa ny mpitondra fanjakana, ary resaka fandianiana andro no nasestriny ny fanirian'ny Malagasy nihaniroboboro... Fantany mantsy fa arakaraka ny handehanan'ny fotoana no hanadinoan'ny vahoaka frantsay ny fahareseny, ka tsy hiraisansy petsapetsa amin'ny madinika !...

Ary tao anatin'izany habakabaka feno hevi-petsy [...] izany no nipoahan'ny raharahan'i Moramanga" (p. 113).

Raha ny marina izany, tsy ny firenena roa tonta akory no niady, tsy ny vazaha sy ny gasy akory no nifanandrina, fa olona sasantsasany avy ao amin'ny Vazaha, sy olona sasantsasany ao amin'ny Malagasy. Mihevitra i Lala fa misy Vazaha tsara, ary misy Vazaha ratsy. Dia tahaka izany koa eo amin'ny Malagasy. Koa ny tena niteraka ny ady dia ny nataon'ireo Vazaha ratsy sy ny Malagasy ratsy ireo : ny Vazaha ratsy moa dia ireo manampahefana kôlônialy, ary ny Malagasy ratsy kosa dia ry Marolahy sy ny namany nanao izay hamonoana ny mpiray râ aminy. Etsy ankilan'ireo dia misy ny Malagasy tsara tahaka an-dry Lefandro sy ry Tavaratra ary ireo tena tia tanindrazana ; ary ny vazaha tsara dia tahaka an'i Roger. Izy roa tonta ireo no nifanandriana. Noho ny habibiana nataon'ireo voalohany mantsy (ny Ratsy), dia mba tsy naharitra iretsy faharoa (ny Tsara) fa nandray fiadiana ihany koa, ary namaly. Raha tsorina ny raharahan'ny 1947 dia ady nifanaovan'ny Tsara sy ny Ratsy. Ary satria ny ratsy no toa natanjaka kokoa tamin'iny, dia tsy mahagaga raha nandriaka ny râ.

Fa nanao ahoana tokoa moa ny fihetsiky ny roa tonta ?

### II.2.3. Ny fihetsiky ny andaniny sy ny ankilany

Hoyerentsika aloha ny fihetsik'ireo tsara, na Malagasy na Vazaha, vao ny fihetsik'ireo Ratsy.

#### II.2.3.1. Ny Tsara

Ny Malagasy no 'ndeha hanombohana azy, ary hotohizana amin'ny fihetsiky ny Vazaha tsara.

##### II.2.3.1.1. Malagasy

Ampahatsiahivina fa i Lefandro, i Tavaratra ary ireo nolazaina fa 'mpikomy' maro no ao amin'ity sokajy ity. Lazainay hoe tsara izy ireo satria raha nandray fiadiana izy ireo dia tsy nisy nibaiko azy afa-tsy ny fitiavany ny tanindrazany sy ny fikatsahany ny mba banana izany Fahafahana izany.

. Ny nanosika ireo mponina tao Moramanga hirotsaka amin'ny ady, hoy i Tavaratra, dia ny tsy fahazakany ny vonjan'olona nataon'ny Vazaha. Hoy izy : "Taitra ny hambom-pon-dehilahy teo ~~lolo~~ mpiray firenena amin'ny tena naripaka ohatra ny valala" (p. 78).

. Ary matoa misy izao tabatabao izao, hoy i Lisy, dia antso atao amin'izao tontolo izao mba hanampiany izay mitady Fahafahana. Hoy izy : "Tsy fara hery ve ny hikiakiaka ho ren'Izao Tontolo Izao, mba hahafantaran'ny ambany masoandro, fa misy tsindry hazo lena any ho any?... Ary moa tsy antso atao amin'Izao Tontolo Izao ny tabataba hiarovana ny zom-pirenena?..." (p. 86).

. Araka izany, tsy fankahalana olona na fitiavana ady akory no nanosika azy ireo, fa fiarovana ny sarobidy indrindra ho an'ny olombelona : **Ny Fahafahana.**

Mbola azo ampidirina ato amin'ity sokajy ity koa i Lala, na dia tsy mitovy amin'ny an'iretsy voalohany aza ny fihetsiny. Aminy, dia ny tsy firosoana amin'ny ady mihitsy no fahendrena satria sady tsy haharesy ny Frantsay ny Malagasy tamin'io vanim-potoana io, no tsy hihaino izay antsoantson'ny Malagasy koa Izao Tontolo Izao. Hoy izy : "Fa ampahafirifirin'ny tombontsoan'Izao Tontolo Izao any Frantsa ny tombontsoany eto Madagasikara no hahasahiany hanimba ny fihavanany amin'i Frantsa noho ny fiarovana izay zonaq Malagasy ?".

"Ampidiro lalina tsara ao an-tsainareo, fa raha vao manitsaka zanatany iray ianareo, na eto na any an-kafa, dia tsy misy Marina intsony izay manodidina anareo, fa na ny Masoandro eo an-tampon-dohanareo aza, angamba, tsy ilay tena izy akory, fa masoandro sandoka !" (p. 87).

Koa "tsy azo entina eo amin'ny raharaha-pirenena [hoy ihany izy] ny hevitri'i Don Quichotte [...], ka entanin'ny rariny, dia hihantsy tolona amin'ny ngeza noho ny tena !" (p. 87).

Fanehoam-pitiavana na amin'ny malagasy na amin'ny Vazaha no noheveriny fa fihetsika mendrika ny maha-olombelona. Ary izany no nahatapaka ny heviny tsy hamaly faty fa hanavotra ny an'ilay Vazaha vavy saro-piterahana — "Tsy fandavana ilay afo kely nasisik'Andriamanitra ao anatin'ny olombelona tsirairay ve [hoy izy] ny famaliana ratsy ny ratsy ?" (p. 150).

#### II.2.3.1.2. Ny Vazaha

I Roger sy ny vadiny no azo lazaina ho Vazaha tsara :

\* tsara Ramatoa, satria notantarainy tamin'i Roger ny tena marina momba izay miseho any an'ala. Niely mantasy ny tsaho, nalefan'ireo Ratsy, fa tatahan'i Lala, hono ny kibon'ny Vazaha vavy bevohoka any anaty ala, mba hijereny ny zaza ao an-kibony ;

\* tsara ihany koa i Roger satria, rehefa nahare izay notantarainy vadiny izy, dia tsy tana, fa lasa nitady ity sakaizany fahazaza, eny fa na dia mety haharatsy tarehy azy eo anatrehan'ny Vazaha hafa aza izany, sady mety haningotra ny ainy ihany koa. Rehefa tany an-tranomaizina ihany koa i Lala dia nanao izay hahatafavoaka azy haingana izy. Hoy i Lala : "Tsy nijanona ny nitsidika ahy isan'andro Roger, nanafina mofo kely sy sigara, ary na tsy niteny tamiko aza izy, dia fantatro fa tsy mandry andro, tsy mandry alina, manao izay hivoahako ny tranomaizina..." (p. 201). Nahaloa-bolana an'i Lala izany hoe : "Mbola tsy levona tanteraka akory ny fisakaizana teo amin'ny Vazaha sy ny Malagasy (p. 196).

#### II.2.3.2. Ny Ratsy

Samy nahitana Ratsy, ary ny tena Ratsy, teo amin'ny Malagasy sy ny Vazaha.

#### II.2.3.2.1. Ny Malagasy

Ry Marolahy sy ny tariny no ato amin'ity sokajy ity. Fihetsika vitsivitsy no maneho ny Ratsy ao aminy :

\* Teo aloha ny famorianty ireo vahoaka teo an-kianja mody hoe hihaino kabary sy handray ny toromarika rehetra momba ny ady, kanefa hay mba

hahamora ny famonoana azy ireo izany. Raha iny tafavory iny mantsy izy rehetra dia tonga ny fiaramanidina nanjera baomba. Aina maro no nafoy tamin'izany.

\* Teo ny fitantarany tany amin'ny mpitondra fanjakana izay zava-miseho any an'ala. Sady manitatra izy amin'izany mba hanehoana fa mifanahim-biby ireo "mpikomy",

\* Teo koa ny fitadiavany hatrany hamono an'i Lala.

Amin'izany rehetra izany anefa izy dia miseho ho tena tia tanindrazana tokoa, ka nilaza fa izy dia "iraky ny Jeneralin'ny Tafika malagasy" ary "tsy havelany raha tsy azo ny fahaleovantena" (p. 104).

#### II.2.3.2.2. Ny Vazaha

Tsy dia misy anarana azo atolotra eto, fa dia bangoina fotsiny amin'ny hoe ireo mpitondra fanjakana kôlônialista sy ireo Voanjo. Manampy azy ireo koa, satria nampiasainy ho fitaovana handripahana olona maro, ny Senegaly. Tsy nihambahamba mihitsy izy ireo namono olona, ary izay tanàna nolalovany kila forehitra avokoa. Tsiravina mihitsy i Tavaratra mitantara ny hitany : "Mahatsiravina ry Ingahindriana [...]. Vazaha efatra na dimy no nisy namono, dia hatramin'ny misasakalina ka mandra-paharain'ny andro, tsy nitsahatra ny poabasy sy ny doro trano ho setrin'izany ! Faty no miampatrampatra eran'ny tanàna : lehilahy, vehivavy, ankizy madinika ! Izay tsy novonoina, nafatratra ohatra ny kitay tao amin'ny Gara tsy misy olom-pady, ka izay mivoaka dia tapitra ny ainy !..." (p. 78).

Matetika aza dia "tsy misy antony ny amonoana, fa noho ny fahafinaretana hampijaly sy hanapitra aina fotsiny" (p. 171).

Ireto Vazaha sy Malagasy ratsy ireto no nifandray an-tsokosoko. Miharihary moa izany any amin'ny faramparan'ny tantara. Hoy i Lala tezitra sady nalahelo : "miaramila ity nifanome famantarana tamin'i Marolahy ity, ary... Vazaha !" (p. 183).

Ny hakingan-dry zareo, dia ny nanazany nanafina ny hevi-dratsiny, ny nanazany nanafy endrika ny ady ataon'izy Ratsy amin'ny Tsara, ho toy ny ady ifanaovan'ny firenena roa tonta.

#### Fandravonana

Raha dinihina ny famakafakana natao, dia hibaribary ny fahamarinan'ny voalazan'i Clarisse Ratsifandriamanana hoe : "Famantaranavaratra tsy diso eo amin'ny fanjohiana ny tantaram-pirenena ny literatiora". Famantaranavaratra

tokoa satria sady afaka manoro ny lalan-kalehan'ny mpandinika tantara izy, no afaka manitsy ny dian'izy ireo koa. Mety ho fitaovana sarobidy, tsy ho an'ny mpandinika tantara irery ihany koa anefa ireto asa soratra roa nanompanana ny fanadihadiana ireto, fa ho an'ny olon-drehetra mihitsy satria, na teo amin'ny lafiny ara-tantara sy ara-piaraha-monina, na teo amin'ny lafiny filôzôfika no nijeren'ny mpanoratra iny raharaha iny, dia nisongadina fa :

. tsy nijanona teo amin'ny lafiny tantara fotsiny ny mpanoratra, izany hoe tsy nionona teo amin'ny fitantarana ny zava-nitranga fotsiny izy ireo, fa nandinika akaiky, nanadihady ny maha-olona, dia ny olombelona manao ny tantara. Nasehony tamin'izany fa :

- misy fetrany sy misy farany ny fahazakan'ny olombelona ny fampahoriana azy, na fampahoriana ara-batana, na fampahoriana ara-tsaina. Koa na dia niteny aza i Andry Andrianina teo am-boalo hany hoe "Marihina fa amin'ny ankaboney dia neken'ny saim-bahoaka ihany ny asa an-tery. Toy ny didy rehetra nampiharina taminy" (p. 165) rehetra tafahoatra loatra izany, dia nikomy ny olona tamin'ny farany.

- any amin'ny firenena tsirairay avy any, dia misy olona ratsy, ary misy olona tsara. Mazâna, mahay mifandray ireo Ratsy, ary miombon-kevitra hanapotika ny Tsara mba hanasoavana sy/na hitanany ny tombontsoany. Dia io no miteraka ny ady izay mody sarontsaronana amin'ny hoe tsy fitovian'ny firazanana sy/na ny volon-koditra.

. Tsy hanao littérature de propagande no nahamaika ireto mpanoratra ireto, fa izy lazaina hoe littérature engagée. Noho izany, sady tsy voafefin'ny Fotoana ireo asa soratra ireto, no tsy voafefin'ny habaka ihany koa :

- tsy voafefin'ny Fotoana, satria na dia efa lasa aza iny "raharaha" iny, dia mbola manan-kolazaina amin'ny mpamaky ankehitriny sy amin'ny ho avy ihany izy ireo.

- tsy voafefin'ny Habakabaka ihany koa satria na mpamaky aiza na mpamaky aiza, na toy inona fihodirana na toy inona, dia inoana fa ho liana foana raha mamaky asa soratra toy itony.